# 8 NY HAD NY L MPAMARI-TOE-JAVATRA SY L MPAMPANAO ARY NY L MPIFANAO

## LOHAHEVITRA

- Manavaka ny HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA sy ny L MPAMPANAO ary ny L MPIFANAO

## LESONA HO TADIDINA

Ny antsoina hoe fehezanteny manana HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA dia
ahitana :

- EM matoanteny aman-tsirin-teny sara-droa ka ny tapany faharoa dia tovana ana
- FKI mivany 2 na 3 ka ny vaniny fahatelo dia RF Atao na Iharana

Ny fehezanteny manana HAD ny L MPAMPANAO dia ahitana :

- EM matoanteny aman-tovona mivaky sy ahitana tsofoka –amp- (tsirin-teny sosona)
- FKI mivany 2 na 3

Ny fehezanteny manana HAD ny L MPIFANAO dia ahitana :

- EM matoanteny aman-tovona mivaky sy tsofoka –if- (tsirin-teny sosona)
- FKI mivany 2 na 3

**SAHANASA 1**

Fandinihana fehezanteny :

F2 : Hahavitana asa mendrika ny fikirizana

F3 :Nandefasana taratasy ny havana rehetra.

F4 : Mampivelatra ny faharanitan-tsaina ny vaky boky

F5 :Tsy mifampatoky intsony izy roa lahy.

- Omeo ny anjara asan'ny teny tsirairay ao amin'ireto fehezanteny ireto
- Rasao ny EM ao amin'ireo fehezanteny ireo ary lazao ny tsirin-teny hita ao aminy
- Lazao ny tsirin-teny nampiasaina teo amin'ireo EM ao amin'ny F1, F2, F3. Matoantenin'ny inona izy ireo?
- Lazao ny tsirin-teny nampiasaina teo amin'ireo EM ao amin'ny F4. Matoantenin'ny inona izy ireo?

**SAHANASA 2**

F1: FKI mivany 2 (ilalaovana ny eo an-tokontany)

F2 : FKI mivany 3 (Hahavitana asa ny fikirizana)

F3: FKI mivany 3 (Nandefasana taratasy ny havana)

F4: FKI mivany 3 (Mampivelatra ny faharanintan-tsaina ny vaky boky)

F5: FKI mivany 2 (Tsy mifampatoky izy roalahy)

Diniho ireo fehezanteny dimy ireo ka avaho ireo fehezanteny izay manana HAD ny L MPAMARI-TOE-JAVATRA sy izay manana HAD ny L MPAMPANAO ary HAD ny L MPIFANAO.

**SAHANASA 3**

Omeo ny HAD ny L amin'ireto fehezanteny ireto ary hamarino ny valin-teninao

F1 : Nandihizan'ny mpilalao ny sehatra

F2 : Mampifamaly antsika ny hevitra tsy mitovy

F3 : Mifamela heloka ny mpifankatia

Mamorona fehezanteny iray avy ahitana

HAD ny L Mpamari-toe-javatra; HAD ny L Mpampanao; HAD ny L Mpifanao